Mpivady mitovy vintana

# Tsy mety mahatsangan-javatra mihitsy 6


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 10 jolay 2018 Laharana 786 Vidiny : 400 Ar


**Matio 24: 23-27** 5

## Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Raharaha CEG Analamahitsy** 2 3

# Hotoriana ireo mpilaza vaovao tsy marina



**CUR Vontovorona** 6

# Nirefotra indray ny lakrymôzena



**MPAMPIANATRA MPANABE** 3

## Tsy mahavaha olana ny minisitra, mitohy ny tolona



**Raharaham-pirenena** 2

## Tsy masin-teny sy tsy mahavita ny adidiny ny HCC

**Andohatapenaka** 7

## Gaboraraka sahady ny Gare Routière

**Kardinaly Tsarahazana** 6

## Hotsenaina amin'ny fomba manetriketrika anio

**Daka kely**

Aza manantena tsy misy amin'ny FMI intsony Raforce a !

**Handrobaka ny Mondial 2018** 4

## Na Angletera, na Belgique, na Croatie, na i Frantsa



**Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana**

## Tsy nivarotra ny CEG Analamahitsy araka ny tsaho aelin'ny sasany



Efa antomotra ity ny fifidianana filohampirenena, ao anatin'izany miha- romotra ireo tsy maty voalavo ankibo fahavalo-pôlitikan' ny filoha Marc Ravalomanana mivady, manely tsaho sy manaparitaka zavatra tsy marina amin'ny onjampeo sy gazety eo ampelatanan'izy ireo. Lasibatra amin'izany ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana izay kandida hirotsaka ho fidiana filohampirenena ny vadiny Marc Ravalomanana, dia atao izay aharatsy laza ny ben'ny ben'ny tanàna, mba ho ratsy eo anatrehan'ny vahoaka ny vady andefomandriny raha ny tanjon'ireo mpanenjika azy. Lazaina indray fa mivarotra ny CEG eo Analamahitsy ny ben'ny tanàna, nanazava mazava ny lefitra voalohan'ny ben'ny Tanàna, kolonely Ramboasalama Emilien fa tsy mpivarotra tany, ary tsy hivarotra tany mihintsy ny kaominina Antananarivo renivohitra. Raha misy fanomezana tany olona dia tsy maintsy mandalo fanapahankevitry ny mpanolotsaina ny tanàna izany. Omena fotsiny hanaovana fotodrafitr'asa toy ny fanariampako, tsena izay tombontsoa ho an'ny daholobe ny tanin'ny CUA raha misy, fa tsy araka ny tsaho aely hoe varotana etsy sy eroa hoy izy. Ny angombaovao teny amin'ny CEG Analamahitsy hoy ny kolonely Ramboasalama Emilien dia tany manantompo io toerana misy ny CEG io, ka saika noravain'ireo milaza fa tompony. Tsy nanaiky izany ny CUA fa mila manamboatra trano fianarana vaovao ho an' ireo ankizy aloha vao miroso amin'ny fandrodanana ny trano raha ilaina izany. Mazava eto fa misy hatrany ny tetidratsy ataon'ireo matahotra ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana ho avy io ka dia atao avokoa izay aharatsy laza ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, mba hampangidy hoditra ny filoha Marc Ravalomanana eto Antananarivo, ho sasapoana ihany ireo anefa fa tsy adala akory ny olona ka tsy ahafantatra ny setroka sy ny tomany.

***Helisoa***

Raharaham-pirenena

## Tsy masin-teny sy tsy mahavita ny adidiny ny HCC



*Ireo mpikambana ao amin'ny HCC ankehitriny.*

Momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana dia hitan'ny mpanara-baovao fa tsy masin-teny sy tsy mahavita ny adidiny ny HCC na ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana. Ny anton'izany dia ireo parlemantera senatera sy depioten'i Madagasikara tsy nahavita fanambaran-pananana dia tsy misy naongana. Ny depiote mpivadibadika palitao na tsy nanaja ny mandat impératif dia tsy misy voasazy. Ny antsoina hoe pacte de responsabilité izay navoakany tamin'ny fanonganana voalohany ny filoha Hery Rajaonarimampianina dia tsy nisy nanaraka. Ny fitsinjarana toerana amin'ny governemanta na ny clé de répartition dia tsy voahaja raha tsy hoe tena nisy ny accord politique na fifanarahana politika, izay tsy aseho mandrake androany. Ny fifidianana ho filoha tsy hatao amin'ny fotoana tsy misy orana satria ny volana novambra sy desambra izany dia efa fotoanan'ny orana sady mety hisy rivodoza mihitsy aza amin'izany vanim-potoana izany. Arak'izany mety tsy hanaraka ny didy havoakany momba ny vokapifidianana ho avy eo indray ny rehetra, ka hiteraka korontana indray izany. Mila hovana arak' izany ity andrim-panjakana ity satria azo lazaina ho tsy mahefa. Filoha tokony haongana efa indroa miantoana tsy naongany nefa miaiky izy fa tsy nanaja lalampanorenana tokoa ny Filoha Hery Rajaonarimampianina.

***Ny Valosoa***

Omer Beriziky

## Harotsaky ny fikambanana Soa Iombonana ho kandidà Filoha



*Kandidà ho Filohampirenena iray hafa koa ny Praiminista teo aloha Jean Omer Beriziky.*

Fantatra ny faran"ny herinandro teo, tetsy amin' ny Villa La Franchise tranon'ny filoha teo aloha Profesora Zafy Albert fa ho kandidà filohampirenena ny Praiminista teo aloha Jean Omer Beriziky. Ny fikambanana Soa Iombonana no nanolotra azy ho kandidà amin'izany fifidianana Filohampirenena ny 7 novambra ho avy izao izany. Ny fikambanana Soa Iombonana dia ahitana ny avy amin'ny antoko UNDD sy ireo antoko politika sy fikambanana maro samy hafa manohana ity Praiminista teo aloha ity. Ahitana solontena avy amin'ny faritany 6 teo aloha ny fikambanana Soa Iombonana, ary nanambara i Jean Omer Beriziky fa vonona izy nandray ny fangatahan'izy ireo ka hirotsaka hofidiana amin'ny fifidianana ho avy io, na nokianiny aza io datim-pifidianana io, sy ny fepetra samy hafa anatanterahana izany fifidianana Filohan'ny Repoblika amin'ity taona ity izany. Manana vinampiaraha-monina ho fampandrosoana an'i Madagasikara izy, izay mbola ho vahavahany rehefa tong any fotoanan'ny fampielezan-kevitra, manohana ny fanohanana ifotony koa i Jean Omer Beriziky ary rehefa lany soa aman-tsara izy dia nambarany fa hanatanteraka izay fanorenana ifotony eto amin'ny firenena izay.

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Madagasikara, mitovy lasitra amin'ireo firenena tsy mandry fahalemana

Anisan'ireo firenena 21 voalohany maneran-tany amin'ny tsy fisiana fitokisan'ny mponina ao aminy ho voaaro amin'ny herisetra i Madagasikara araka ny tatitra isan-taona fanaon'ny Institut Gallup. Ny fahatsapana ho tandidomin'ny herisetra na hiharan'izany amin'ny fandehanana amin'ny alina no nanaovana fanadihadiana. Tsy fandriampahalemana amin'ny fandehanana amin'ny alina, efa iainan'ny vahoaka Malagasy efa nandritra ny taona maro izany ary olana lehibe iray tsy voavahan'ny fitondrana Rajaonarimampianina. Tsy miandry alina akory aza fa vao mitehika ho harivariva fotsiny ny andro dia efa mitaintaina ny maro amin'ny famonjena fodiana. Misy toerana maromaro izay efa tena malaza amin'izany indrindra eto an-drenivohitra, ary lazaina ho faritra mena tanteraka. Toy ny tany tsy misy fanjakana sy mpitandro filaminana eto amintsika. Midehaka amin-javatra tsy ilain'ny vahoaka ny fitondrana, fa ity olana lehibe iray anefa tsy nahitana irika fa niala maina amin'ny fahitana vahaolana sy ny fifehezana azy. Tsy misy olona iray eto afaka hilaza, eny fa na dia ireo mpisolelaka sy mpila ranondranony amin'ny fitondrana sahy hilaza, fa nisy toerana na tanàna iray teto an-drenivohitra mandry fahalemana vokatry ny asan'ny fitondrana niaraka tamin'ny mpitandro filaminana. Ny mponina dia zary tsy matoky intsony ny fahombiazan'ny asan'ireo be basy milaza ho tandroka aron'ny vozona. Zary lasa sahobakaka ambodiriana ny mponina, mitaintain-dava. Tsy mbola nisy faharatsiana fandriampahalemana toy izao hatramin'izay niverenan'ny fahaleovantena. Misy fiantraikany tanteraka amin'ny fiharian'ny mponina izany toejavatra ratsy izany. Tsy atao hahagaga raha tsy misy fivoarany ny fiainana andavanandrony satria mandindona azy hatrany ny herisetran-jiolahy. Ny heriny hanohitra izany kely rahateo satria tsapany fa tsy ho eo akaikiny mandrakariva ny mpitandro filaminana hiaro azy. Indraindray aza antsoina izy ireny amin'ny alina tsapa ho mila vaniny amin'ny fitakiana solika sy ny pitsopitsony. Ilay fitondrana miseho ho mahay noho ny rehetra teo alohany tsy nahita vahaolana akory tamin'izany. Raha tsorina, tsy mandry fahalemana ny tany, izay midika fa tsy miadana ny vahoaka ao anaty ngidin'ny fijaliana ara-tsosialy tao anatin'izao fitondrana Rajaonarimampianina izao.

***Sôh'son***

HCC Ambohidahy

## Nanao fanambaram-pananana ny Praiminista Ntsay Christian



*Ny Praiminista Ntsay Christian.*

Nanao fanambarampananana tetsy amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) omaly tolakandro, tetsy Ambohidahy, ny Praiminista Ntsay Christian. Heverina fa hanao toa azy koa ireo mpikambana vaovao ao amin'ny governemanta ato ho ato. Ny fanambaram-pananana dia tsy maintsy sy tokony hataon'ny mpiasam-panjakana ambony manana andraikitra rehetra, izany dia ao anatin'ny ady amin'ny kolikoly eto amintsika. Hatramin'izao anefa, mbola misy tompon'andraiki-panjakana sy olom-boafidy, mbola tsy nanatanteraka izay fanambaram-pananana izay, tsy mbola misy anefa hatreto ny sazy mahazo azy ireo, nefa mahavoasazy izay tsy fanaovana fanambaram-pananana izay. Tsy misy olona ambany na ambonin'ny lalàna, noho izany tokony hampiharina ny lalàna sy ny sazy ho an'ireo mbola tsy nanao fanambarampananana ireo.

***Isambilo***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Raharaha CEG Analamahitsy : hitory ireo mpilaza vaovao tsy marina ny Ben'ny tanànan'Antananarivo

Misy indray tato aho ato ny mamafy lainga sady manakororontana saim-bahoaka raha ny eto an-drenivohitra no resahana. Lazain'ny sasany mantsy fa namidin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) hono ny tany misy ny Ceg etsy Analamahitsy. Noho izay filazana lainga sy fanalam-baraka tsy misy porofo izay dia history ireo radio mpamafy lainga ny Ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana sy ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Efa nisy ny fanazavana izay nomen'ny tetsy amin'ny Lapan'ny Tanàna tamin'ny alalan'ny Lefitra voalohan'ny Ben'ny Tanànana, ny Kolonely Ramboasalama Emilien fa ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia tsy mivarotra tany. Tsy te-hahalala izany fanazavana izany anefa ireo olona sasany fa manitrikitrika hatrany fa namidin'ny Cua ny tany misy ny Ceg etsy Analamahitsy. Ny tokony ho fantatr'ireny olona mpitatatata amin'ny Radio milaza an'izatsy sy zaroa ireny dia izao : tsy misy dikany ny filazana sy ny fitenenana amin'ny Radio raha toa ka tsy misy votoatin-kevitra sy tsy misy porofo tsy azo hozongozonina. Ekena fa malalaka ny fitenenana saingy tsy izay rehetra mby ao antsaina akory dia hatatatata amin'ny Radio. Rehefa trandrahana sy hadihadiana ny mahatonga ny olona sasany hanenjika ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia hita mazava fa noho ny tahotra. Matahotra fifidianana dia any anaty Radio no manao adim-borontsiloza sy akoho lahy fataka. Tany misy lalàna ny eto Madagasikara ka raha misy ny toe-javatra izay tsy mahafaly ; maninona ny sasany raha mankeny amin'ny fitsarana ? Dia any no mifanazava sy mifanatrika ? Fa ny fanontaniana tsy maintsy apetraka dia izao, izay mila valiny mazava ! Tamin'ny vanimpotoana nitantanan'iza ny Kaominina Antananarivo Renivohitra no nisian'ny famarotana ny fananan'ny Cua ? Tsotra ny valiny ! Nandritra ny fotoana nisian'ny PDS nifandimby. Misy porofo izany tompoko sao tsy fantatsika. Fantatra daholo hoe iza no nivarotra an'izatsy sy zaroa ary sao adinoin'ny sasany ireny resaka Antanimbarinandriana ireny izay efa nitadiavan'ny sasany lalana hamidy, soa ihany fa nandray fanapahankevitra nitsipahana izany ny Filankevitry ny tanàna ankehitriny fa saika namidin'ny sasany ambongadiny izay fananan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra izany. Aleo vakiana bantsilana fa raha toa ka mba olona nampandroso an'Antananarivo no mitondra tsikera tsy dia mampaninona, fa matetika olona nanapotika ny renivohitr'i Madagasikara sy ny mpikarama an'ady miaraka aminy no manao bala rora etsy sy eroa. Efa fantatra ny ao ambadiky ny fanaratsiana ny Cua saingy diso hevitra ny sasany raha mieritreritra fa hikosomaso amin'izany ny mpitantana ny Cua. Ny vahoakan'Antananarivo Renivohitra rahateo tsy adala ka ho mora ho voarebireby amin'ny tatasika ataon'ny sasany amin'ny Radio, sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

LIVA AVY AMIN'NY KMFB

## Ny mpitondra ihany no matahotra fifidianana

Mitondra ny heviny momba ny raharaham-pirenena indray i Liva avy amin'ny KMFB (Komity Miaro ny Fiainam-Bahoaka). Mandalo fotoan-tsarotra indray ny firenena Malagasy ankehitriny, noho ny fahotana mahafaty nataon'ny mpitondra fanjakana ankehitriny, dia ny HVM sy ny forongony izany, izay tsy nanao afa-tsy ny fangoronan-karena sy ny fivarotana tanindrazana, izay nanampy trotraka ny fahantran'ny firenena sy ny vahoaka Malagasy, izay efa nisy teo aloha. Manampy trotraka izany ihany koa ny fitsabahan'ireo sehatra vahiny iraisam-pirenena, izay tsy mamela antsika olom-pirenena malagasy tompon-tanindrazana mihitsy hitady vahaolana malalaka ho an'ny firenentsika. Eo foana ireo, mibaiko, mandidy sy manapaka eo amin'ny toe-draharaha ara-pôlitika misy eto amintsika, noho ny fiarovan'izy ireo ny tombontsoany manokana. Hatreto aloha dia tsy mbola nisy mihitsy mpitondra fanjakana malagasy sahy sy nijoro nanohitra izany fitsabahan'ny vahiny amin'ny raharaham-pirenena malagasy izany. Nanana foana isika teto fotoana nahafahana nitadiavambahaolana, toy ny tamin'ny taona 2009 ohatra, kanefa dia noteren' ny fiombonambe iraisam-irenena isika nanao fifidianana voasivana ka nametrahan'izy ireo ilay hoe ; NI…NI. Tsy misy miafina amintsika vahoaka malagasy tokoa raha ny zava-misy eto amin'ny firenentsika ankehitriny, izay vanim-potoana goavana haverina fa tokony handinihana ifotony sy hitadiavana vahaolana ho an'ny firenena, kanefa dia ireo indray ry zareo avy any ivelany fa mandidy sy manery ny hanaovana fifidianana amin'ity taona 2018 ity, izay tsy hitondra vahaolana sy filaminana eto amin'ny firenena na oviana na oviana. Na eo aza anefa izany baiko izany, dia tsapa sy fantatra fa ny mpitondra fanjakana HVM ihany no matahotra hiroso amin' izany fifidianana izany, ka minia manakorontana sy mampisavorovoro ny fiainana ara-pôlitika eto. Niniana napetraka mihitsy ireo minisitra efa fantatra fa tsy nahavita sy tsy tian'ny olona mba hitohizan'izany savorovoro izany hatrany. Efa miseho lany etsy sy eroa ihany koa ireo mpanao pôlitika mitambatra izay manohitra fifidianana sy mitaky ny hanangana Tetezamita, izay tsy iza tsy akory fa mpanao pôlitika tohanan'ny mpitondra sy ny HVM ihany. Izany rehetra izany no ahasahiana milaza fa io mpitondra HVM ankehitriny io mihitsy no tsy sahy hiatrika izany fifidianana izany fa mba manao don-tandroka fotsiny ihany. Taitra ny olona tsy mba taitra, taitra irery vao mamaky takotra hoy ny fitenenana. Dimy taona teo foana, tsy hita izay natao. Tamana tamin'ny fangoronan-karena, ka izao vao hoe : be hono ny zava-bita.

***Isambilo***



*Liva avy amin'ny KMFB.*

### TONONKALO

## Ny Hery vizana sy ny Andry boboka

Hita taratra eny foana ny mpanongam-panjakana,
Fa minia mandika hatrany irony didy sy lalàna.
Tsisy lamina ny fiainany fa manao izay tiany hatao,
Azo ambara tsotr'izao fa tena "tsisy kalitao".

Hita taratra eny foana ny mpanongam-panjakana.
Tsy mba mahamenatra azy ny mangala-piaingàna.
Ny rehetra mbola mihaino hoe inona no toromarika ?
Saingy ry zalahy kosa, efa eny an-kianja, mifangarika !

Teo aloha dia iray vilany sady tena niombom-patana,
Kanjo izao toa samy manana ilay hoe vinam-pisandratana.
Andaniny ilay hery vizana, ankilany ilay andry boboka,
Samy tsy mifampitsitsy ka dia asa izay hidoboka.

... Fa hita taratra eny foana ny mpanongam-panjakana.
Ny talenta izay iombonany ? ny efa tsara no simbàna.
Efa hery mitsilopy sy andry boboka tanteraka.
Iza no hifidy ireo afa-tsy ny olona miveraka ?

***DADAN'i ZINA (07-07-18)***

## NY TENY FIAINANA

***Matio 16:26***

*Fa inona moa no soa ho azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao, kanefa very ny ainy? Ary inona no homen'ny olona ho takalon'ny ainy?"*

MPAMPIANATRA MPANABE

## Tsy mahavaha olana ny minisitra, mitohy ny tolona



*Ny hetsik'ireo mpampianatra tetsy amin'ny Trano Boribory Anosy omaly.*

Miha-mahery vaika ny tolona ataon'ny mpampianatra mpanabe manerana an'i Madagasikara indrindra taorian'ny nanipazan'ny fitondràna baomba mandatsa-dranomaso ireo mpampianatra mitokona tao Anosy. Fantatra ihany koa fa mandainga ny minisitry ny fanabeazam-pirenena raha ny fanambaràn'ireo sendikan'ny mpampianatra mikasika ny fangatahan'izy ireo, sady mandainga hoy izy ireo i Horace Gatien no tsy mahavaha olana. Vokatr'izany, vory lanona teo amin'ny tokontany ministeran'ny fanabeazampirenena ny mpampianatra maro omaly. Teboka dimy no takian'izy ireo, isan'izany ny fampiakarana 500 000 ariary ny karama, ny fampiharana avy hatrany ny reclassement amin'ny kategoria rehetra, fampidirana mpampianatra Fram miisa 10000. Tsy hiverina an-tsekoly ireo mpampianatra raha tsy tanteraka ny fitakian'izy ireo. Fantatra fa nihaona amin'ny Praiminisitra Ntsay Christien ny solontena valo mianadahy omaly teny Mahazoarivo, dia ho hita eo ny tohiny, fa amin'izao aloha dia mbola mitohy ary hihamafy hatrany ny tolona manerana ny nosy mandram-pivalin' ny fangatahan'izy ireo. Ireo nmpitolona tetsy amin'ny kianjan'ny 13 mey, tapitra teo ny tolona teny fa manatevina ny tolon'ireo sendika kosa izy ireo amin'izao fotoana.

***Helisoa***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Efa vonona hatry ny ela amin' ny fifidianana Ravalomanana sy ny mpiara-dia aminy

**Mbola Andriananpoina George** : ovaina ny Ceni, miala ny olomboatendry napetraky ny Hvm mikasa hanery ny mpifidy hifidy Hvm, madio tsara ny kianja hilalaova ? VONONA EFA ELA @ FIFIDIANANA NY KANDIDA HO ATOLOTRY NY TIAKO I MADAGASIKARA @ LAFINY REHETRA : Vahoaka hifidy azy, Fitaovana, Vola hiatrehana fampielezan-kevitra, Tetipanorona hampandresena ny kandida 1er tour,... ka alao hery amin'izay ary efa nifarana ny hetsika tetsy amin'ny 13 mey, na izany aza hanampy ireo sendika hatrany ireo depiote TIM teo amin'ny 13 mey.

**Sohitika Malagasy Noverezina ZO** : Sazalahy Tsianihy (TIM) - Ravao ny CENI, ataovy mazava ny lalam-pifidianana. Izay mihitsy no tokony hatao, na izany na tsy izany mila mailo hatrany isika.

**Dominique Herault** : Io ilay efa nolazaiko. Hisy hala-bato mahatsiravina eto raha io lalam-pifidianana io no hampiharina. Io ange no nahatonga ny fanoherana nataon'ireo 73 députés e. Nefa dia modian'ny Mapar fanina satria efa mahatoky ry zareo fa ho lany, noho ny fifananarahana hangala-bato eo amin'ny HVM sy ny MAPAR.

**Suzette Andriamiandravola** : reo d olona vonona ny " handroba Firenena ndray ! fa samia mailo ! na orange io na bleu ! zany hoe na HVM na MAPAR, mbola mitady handroba firenena indray raha sanatrian'ny vava ladian'ny lela raha lany eo.

**Claude Ramanotrona** : manombok mihetsika amin'izay isika rehetra ho fampandresena an'i Dada, ary 1èr tour ihany dia vita no tanjona, vitantsika izany, tsy teto azan y Filoha Marc Ravalomanana, nitarika I Jean Louis Robinson tamin'ny 1er tour fa noho ny hala-bato be vata dia resy tamin'ny 2ème tour.

### NY HANDROBAKA NY AMBOARAN'NY MONDIAL 2018

# Na Angletera, na Belgique, na Croatie, na i Frantsa

Samy maminavina ny rehetra ny amin' izay handrombaka ny amboara erantany amin'ny baolina kitra. Hatramin'izao aloha dia saika diso daholo ny vinavina nataon'ny ankamaroan'ny maro satria tsy nisy nanampo ny fodian'i Allemagne, Espagne, Portugal, Argentine, Brésil. Fa na inona na inona resahana dia tsy misy intsony amin' izao fotoana izao ny ekipa ambany na ekipa ambony eo amin'ny baolina kitra amin'ny sehatra iraisam-pirenena satria samy mihezaka ny rehetra. Efa tonga amin'ny dingan'ny 1/2-dalana ny lalao anio, satria anio hariva no hanomboka ny manasa-dalana voalohany hihaonan'i Frantsa sy Belgique; hitohy rahampitso alarobia izany amin'ny lalao ankatoky ny famaranana faha-2 eo amin'ny fihaonan'i Angletera sy Croatie. Fihaonana izany samy hiady dia hiady tokoa na ny anio na ny rahampitso. Efa azo antoka izany fa tsy maintsy ny iray amin'ireo ekipam-pirenena 4 ireo no handrobaka ny amboaran'ny tompon-daka eran-tany amin'ny baolina kitra 2018, na i Frantsa, na i Belgique, na i Angletera na i Croatie. Fa ankoatra izay dia tsikaritra ihany ny toetsain'ny Frantsay izay mbola misy tandindon'ny fanjanahana satria ny ankamaroan'ny mpilalao ao anatin'ny ekipam-pireneny dia mainty hoditra, fa ny mpanazatra kosa dia tsy maintsy vazaha Frantsay. Ny dikan'izany dia tsotra, ampiasaina hampiakatra ny voninahitr'i Frantsa ny mainty. Rehefa mahavita zavatra tsara ireo mainty hoditra izay nambara teo dia dokadokafana, fa raha sendra tsy fahombiazana kosa dia ambaniana. Mampieritreritra an ! Sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***



*Ny ekipam-pirenen'i Croatie.*



*Ny ekipam-pirenen'i Angletera.*



*Ny ekipam-pirenen'i Belgique.*



*Ny ekipam-pirenen'i Frantsa.*

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny Filoha Ravalomanana nihaona tamin'ny mpomba azy tany Ambositra.**










Matio 24: 23-27

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao

***Matio 24: 23-27 "Koa raha misy manao aminareo hoe: Indro, aty Kristy, na ind ro ary; aza mino ianareo. Fa hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana ka haneho famantarana lehibe sy fahagagana ary raha azo atao, na dia ny olom-boafidy aza dia hofitahiny; Indro voalazako aminareo rahateo izany. Ary amin'izany raha misy manao aminareo hoe: Indro any an'efitra Izy, aza mankany ianareo; indro ao amin'ny efitrano Izy, aza mino. Fa tahaka ny helatra avy any atsinanana ka hita hatrany andrefana dia ho tahaka izany ny fiavian'ny zanak'olona."***

Fantatrao ve ny tantaran'I Davida Mpanjaka???, ***I Samoela 16***. Nahoana moa AHO JEHOVAH no mirina amin'izany tantara izany? Tsy miova ny FOMBAKO, tsy miova ny TENIKO. Inona hoy ianareo? Ambeteniko ny hoe: averiko ny taloha, averiko amin'ny laoniny ny zavadrehetra. Maro no tsy ho faly ary mety tezitra mihitsy fa betsaka koa no ho ravo ary miandry am-pahatoniana izao PROGRAMAKO izao : mitady olona araka ny foko AHO JEHOVAH toa an'I Davida, mba hapetrako eo amin'ny Firenena misy azy avy. Izany no programako farany ambany masoandro alohan'ny ady lehibe farany, izay hanavahana izay hiakatra rehefa tonga eny amin'ny rahon'ny lanitra JESOSY. Aza heverinareo ho zavatra kely izao FANAMBARANA izao fa mba raiso sy inoy ihany e! Ny ady lehibe farany izay hiseho ambany masoandro dia ADY ARA-PANAHY ry olombelona o! Izany hoe : Fandraisana fanapahan-kevitra, ho an'iza ianao? Hino sy hanaraka an'I JESOSY dia VOAVONJY? Sa hanaiky an'I losifera sy ny laingany ka miaramijaly aminy any amin'ny helo?? Noho izany apetrako aminareo FIANGONANA ny ASA, ny FITORIANA ny zava-miafin'ny lanitra sy ny tany fa izany no asanareo ary anadinako anareo izany raha tsy vitanareo. Koa ankehitriny dia miovà, mifankatiava. Avelao ny Fanahy Masina hiasa ary aza mba miavonavon-kevitra sy be ady hevitra ary aoka izay ny fifidianana tavan'olona. Ary aoka tsy hisy ho diso hevitra izay monina ambany masoandro fa betsaka loatra ny olona voafitaky ny fitadiavan-karen a. FA NY ATAO HOE: MANAN-KARENA SY MANAN-KATAO DIA IZAY MANANA AN'I JESOSY SY MANANA FANAMBARANA NY AMINY KA TSY MENATRA NY MITORY AZY SY MILAZA NY ZAVA-TSOAN'NY LANITRA.Raha manana izany harena miafina izany ianao dia hampanan-karena ny hafa koa, ary ny haren'ny lanitra tsy mba mety ritra fa lova tsy mety lo fa maharitra mandrakizay. Gaga AHO JEHOVAH ankehitriny fa miova ny fitiavan'ny olona samy olona, fianakaviana sy mpianakavy, ny mpivady, ny mpiara-monina sy ny mpiray tanàna, indrindra fa ny firenena samy firenena. IZAHO JEHOVAH te hanao izao FANAMBARANA izao : hifarana ny fiainan'izao tontolo izao ary tsy maintsy izany. Indro efa voalaza sy voasoratra tokoa izany fa aza atao vazivazy mihitsy, mba fantaro ihany. Ny tsy fahalalanareo izany indrindra no itenenako koa avelao AHO hiasa ary avelao ny mpaminany hanao ny asany fa mpitondra hafatra ireny. Ary amin'izao andro farany izao tsy misy tokony tsy ho fantatrareo izay ho avy. Voaloahany indrindra amin'izany dia ny momba an'I JESOSY sy ny FAMONJENY anareo tsy an-kanavaka isam-bazan-tany. Jereo ary diniho tsara anie ny zava-misy ambany masoandro e! ady, fahoriana, alahelo, hakiviana, tahotra, mosary sy fahafatesana. Izany rehetra izany dia mankany amin'ny fahaverezan-kevitra tanteraka. Hono ho'AHO ry mponin'ny tany? Iza ka iza no sahy miteny aminareo fa mahavonjy anareo, mahalala anareo eo amin'io fahoriana sy fijaliana io? Mba valio AHO hoe!!! Tsy misy na dia olona iray aza. Ary hoy ny Baiboly, fa fantatro fa halanao izao SORATRA ampitaina ankehitriny izao : Ry zanako sy asan'ny tanàko o! tsy avela hisy vato hifanongoa eto (antany) ka tsy ho ravàna. Izany hoe tsy misy FANJAKANA roa izany fa TOKANA ihany. Tsy maintsy ravàna izay tsy izy. Tsy fanompoana maro izany, tokana ihany. Tsy misy fomba sy hevitra mizarazara izany, TOKANA ihany. Tsy misy paradisa na fiainana mandrakizay arak'izay mety ho fihevitry ny olona fa tokana ihany araka izay namoronako azy fa betsaka no diso hevitra. Izao no fotoana ry mponin'ny tany, IZAHO JEHOVAH namorona ny tany sy ny lanitra ary ILAY namorona anareo no miteny fa tsy olombelona toa anareo. Ravako izay rehetra tsy avy AMIKO, ravàko ny faharatsiana rehetra, fankahalana, ady sy ireo fifampiandaniana amin'ny endriny maro. Tsy ho zakanareo ireo zavatra ho avy ateraky ny "afo, tany, rivotra, rano". Tsy zakan'izy efatra ireo intsony ny "FAHOTANA" mamono anareo isam-pirenena, isam-batan' olona, isam-pianakaviana. Noho izany, tsy maintsy ravàna ireo vato mifanongoa rehetra tsy mifanaraka amin'ny TENY FIKASANA dia ny TENIKO, ny PROGRAMAKO. Raha manontany mpianatra fa rahoviana no andro hahatongavan'izay voalazanao ny amin'ny fihavianao na ny fiverenanao indray ary ny fahataperan'izao tontolo izao? Dia hoy JESOSY tamin'izy ireo, ***Matio 24: 4-14.*** Raha efa fantatrao JESOSY, mitomboa amin'ny fitiavana AZY sy ny fanarahana AZY ary ny fanompoana AZY. Raha mbola tsy fantatrao IZY, KATSAHO FATRATRA sy HAINGANA alohan'ny fiafaran'izao tontolo izao fa tsy hanenina ianao e!

Amen!

HALELOIA!
(mbola hitohy)

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:
Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

BORIBORITANY I (CUA)

# Nanala fako misavovona tao Andavamamba Anjezika I

Fako nisavovona sy nihoatra ny fefy ary niparitaka eran'ny lalana no tsikaritra tao amin'ny Fokontany Andavamamba Anjezika I Boriboritany I eto amin' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ny zoma teo. Raha tsiahivina ny tantara dia efa tamin'ny taona 2013 no tsy azo anariana fako intsony ity toerana ity satria ny tany dia manan-tompo ary efa nofefen'ny tompony mihitsy aza tamin'izany andro izany. Noho ny fahazarana dia tsy nitsahatra nanary fako teo ny olona na dia teo aza ireo dina sy sazy izay napetraka. Raha nahare izany ireo tompon'andraikitra avy ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia nilatsaka avy hatrany teny an-toerana ary nandray fepetra ka nanadio sy nanàla ireo fako rehetra ary nanentana ny mponina mba hanaja ny lalàna izay apetraka. Nanambara ny tompon'andraikitra avy ao amin'ny Boriboritany Voalohany fa tsy maintsy notanterahana izao hetsika izao mba hisorohana ireo valan'aretina mety hitranga sy mba hanomezana endrika ny tanàna. Nanamafy hatrany izy fa raha toa ka mbola misy ny tranga toy izao dia tsy tokony hisalasala ireo mponina hanatona ny tompon'andraikitra akaiky azy indrindra.



*Ny fanadiovana ilay fako nisavovona nataon'ny CUA.*

***Aly***

Ministeran'ny Indostria

# Napetraka ireo plaque rouge amin'ny fiaram-panjakana

Miezaka manaraka ny toromarika avy amin'ny Praiminista Ntsay Christian sy avy amin'ny governemanta ny ministeran'ny Indostria sy ny fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina tarihan'ny ministra Guy Rivo Randrianarisoa. Noho izay antony izay, napetraka avokoa ny «plaque rouge» ny takelaby misy ny laharan'ny fiara miloko mena, amin' ireo fiara-panjakana rehetra ao amin'ny ministeran'ny indostria sy ny fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina. Manomboka amin'ny fiaran'ny minisitra izany ka hatramin'ireo fiara karenjy vita Malagasy izay an'ny ministera. Fananam-panjakana izy ireny ka ireny no mari-pamantarana azy fa fiarampanjakana tokoa ireny fiara mitondra takelaby mena ireny ny nomeraon'ny fiara.



*Ireo fiara efa plaque rouge ao amin'ny ministeran'ny Indostria.*

***Ny Valosoa***

Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay-Malagasy

**Etat illusioniste** : fanodinkodinana ny saim-bahoaka ataon' ny fanjakana mpitantana tsy ahatakarin' ny mponina ny olana sy ny fasahiranana eo amin'ny firenena. Fampiasana ny famantaram-pahefana sy ny fialamboly matetika mba hitoeran'ny fanekem-bahoaka ny fitondrana. Fomba fitantanana izay toherin'ingahy Noam Chomsky, lingoista amerikana, amin'izao vaninandro izao.
**Etat providence** : 1) Ilazana fanjakana manome fanampiana amin'ny lafiny ara-toekarena sy ara-tsôsialy. Izany fanampiana izany dia fandraisan'ny fanjakana anjara amin'ny fitsaboana ny vahoaka, fiarovana sy fitsinjovana ny mahantra sy ny be antitra ary ny fianakaviana, fanomezana asa. Firaisan-kina eo amin'ny sarangan'olona sy ny fitadiavana ny fiaraha-monina tsy misy fiangarana sy mirindra no tena mibahana. 2) Firehan-kevitra notoheren'ny "Consensus de Washington", izany hoe ny Banky Iraisam-Pirenena sy ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena, noho ny fandavany ny fitsabahan'ny fanjakana amin'ny fanamaivanana ny lafiny sôsialy sy ekonomika eo anivon'ny mponina.
**Etat unitaire** : Fanjakana tokana. Ny andrim-panjakana rehetra dia voafehin'ny rafitra tokana: governemanta tokana. Mitovy avokoa ny olompirenena eo anatrehan'ny lalàna ary ny fahefan'ny fanjakana dia mihàtra mitovy manerana ny velaran-tany.
**Ethnie** : Foko. Vahoaka mitoetra amina faritra voafetra, manana tantara iraisana ary nandova kolontsaina sy fomba fiteny manokana. Hatramin'izao dia mbola manahirana ny famaritana ny atao hoe foko noho ny fifamezivezena sy fifandraisan'ny olona. Eto Madagasikara dia afaka misafidy izay foko tiany ny tsirairay raha mahafeno ny voalaza etsy ambony ka eken'ny fiarahamonina.
**Ethique** : Etika. ilazana fomba sy fihetsika tsy mamoafady ary mifanaraka ny soatoavina;
**Exécutif (pouvoir)** : Fahefana mpanatanteraka.1) Ny fahefana mpanatanteraka dia miandraikitra ny fanantanterahana ny pôlitika sy ny programa novolavolain'ny filoha. Miasa araka ny lalàna velona ny fahefana mpanatanteraka. 2)Ny governemanta izay eo ambany fiahian'ny lehibem-panjakana no misahana ny fanatanterahana ny asam-panjakana. 3) Misy ny fahefana tanterahin'olo-tokana (monokratika) amin'ny fitondrana jadona na amin'ny fitondrana ibahanan'ny filohan'ny Repoblika mandritry ny fitantanana prezidansialy (régime presidentiel) na fitondrana iaraha-mitantana ( collegial) toy ny directoire militaire teto Madagasikara tamin'ny 1975-76.
**Extermination** : Fandripahana.
**Extradition** : fampodiana nifanarahana eo amin'ny firenena roa tonta any amin'ny taniny ny olona voasazy na voaheloka any amin'ny tany hafa.
**Extrème droite** : Vondrona sy antoko pôlitika manana firehankevitra ankavanana mifikitra amin'ny soatoavina nentim-paharazana izay miendrika fiarovana ny tanindrazana diso tafahoatra sy ny tsy fitiavana ny vahiny ary arahana fanavakavaham-bolon-koditra. Ny fankahalan'io vondrona io ny firehan-kevitra demôkratika dia manosika azy hampiasa hery mitondra any amin'ny fampihorohoroana. Ny fihetsiketsehan'io vondrona io dia matetika miseho amin'ny fomba mahery setra izay mampatsiahy ny fanaon'ny fasista. Manenjika ny vahoaka jiosy sy ny fikambanana framasaony koa ny vondrona.

***Fetra Ramamonjy***

TOLON'NY MPAMPIANATRA

## Mifampiampanga ireo sendika

Misedra olana sahady indray ny tolon'ny mpampiantra ao Vakinankaratra amin'izao fotoana noho ny fidiran'ny rivotra politika ataon'ireo mpitarika sasany. Vokany dia mirangaranga ny mety ho fivakisan'ireo mpampianatra sy mpandraharahan'ny fanabeazampirenena izay manao hetsika, maneho ny fiaraha mientany amin'ireo namany manerana ny Nosy amin'ny alalan'ny tolona atao manoloana ny biraon'ny foibem-paritry ny fanabeazam-pirenena eto Vakinankaratra. Vaky ny ady ary efa tsy takona afenina intsony ny tsy fitovian-kevitr'ireo samy mpitarika sendikaly nandritra ny hetsika natao omaly Alatsinainy 9 jolay 2018. Raikitra mantsy ny tabataba sy fifampiangana ho mpamono afo teo amin'ny andaniny sy ny ankilany, ary mbola re tany ambadiky ny lampihazo nisian'ny fandraisam-pitenenana ihany koa izany taorian'ny tatitra sy fanentanana nataon'i Ratolojanahary Arsène, avy amin'ny « Mandatehezan'ny fanabeazam-pirenena » izay tonga nanatrika ny fanehoankevitra sy fitokonan'ireo mpanabe io omaly alatsinainy io. Tsy nankasitraka io voalaza ho fitsabahany amin'ny tolona ataon'izy io ireo mpitarika ny tolon'ny mpampianatra sy mpandraharaha izay nosoloin'andriamatoa Ratovonjanahary Harinjaka tena, izay nanamafy ho efa nahavita dingana maro nandritra izay fotoana nijanonan'ny fampianarana izay. Tsy ekenay hoy izy ny handotoana politika na tombontsoan'olom-bitsy ny ady madio izay itakiana ny tombontsoan'ireo mpampianatra rehetra, manoloana ny fanambarana nataon-dRatolojanahary Arsène io. Ampangain'izy ireo ho mampiditra resaka politika amin' ny tolona voalaza ho sendikaly ataon' izy ireo ity vahiny ity sy ny ekipany ka ho setrin'io fahatongavana tampoka teny andampihazo io dia nisintaka tsy nisy nandray fitenenana izy ireo. Vaky avy eo ny fifanazavana izay tsy nahitana marimaritra iraisana ka dia ho hita eo izay ho tohiny. Andanin'izany ireo mpianatra izay niverim-poana raha nanohina ny antso nataon'ny talem-paritry ny fanabeazam-pirenena izay nanentana azy ireo hamonjy sekoly omaly alatsinainy, satria dia tsy mbola nisy ny mpampianatra nandray azy ireo hatramin'izao.

***Solohery***

Fort-Dauphin, Lycée Pôle

## Mbola manohy ny fitokonana ny Sempama

Tsy hijanona ny fitokonana raha tsy mivaly ny fitakiana sy ny fangatahana ataonay mpampianatra, na izany aza miankina amin'ny toromarika ataon'ny any amin'ny foibe. Io no nambaran'ireo mpampianatra mitokona tsy mampianatra ao amin'ny Lycée Pôle Faradofay. Mamafy lainga sy mamahan-dalitra ny ministera mpiahy milaza fa mianatra ny mpianatra any Fort Dauphin. Amin'izao fotoana, miditra amin'ny herinandro faha-2 ny fitokonana. Tsy misy mampianatra ireo mpampianatra mivondrona ao amin'ny Sempama ireto. Manoloana izany, mahatsapa ireo mpianatra ao amin'ny kilasy famaranana hiatrika ny fanadinana bakalorea ao amin'ny lycée Pôle, fa ny fanaovana cours samy mpianatra no vaha-olana hamenoana ny banga. Ny tomponandraikitry ny fampianarana etsy andaniny manery ireo mpampianatra handray ny asany. Mihenjan-droa ny tady. Tsy manaiky lembenana hiverina mampianatra ireo mpampianatra mitokona ireo.

***Mangarahara***

Kardinaly Desiré Tsarahazana

## Hotsenaina amin'ny fomba manetriketrika anio

Ho tafaverina an-tanindrazana anio tolakandro ny Kardinaly Desiré Tsarahazana, hotsenain'ny fianakaviamben'ny EKAR na ny Eglizy Katolika Apostolika Romana sy ny mpino rehetra izy amin'izany, tao aorian'ny nanosoran'ny Papa François azy ho kardinaly niaraka tamin'ny kardinaly miisa 13 hafa manerana izao tontolo izao tany Vatican Rome tany Italie. Hisy anio ny lamesa sy ny fandraisana manokana hataon'ny mpino katolika azy eto an-drenivohitra. Ny 13 jolay ho avy izao izy no hihazo an'i Toamasina, izay Arsidiôsezy iadidiany ary any izy no honina sy hanohy ny asany amin'ny maha-Kardinalin'i Madagasikara azy izay. Hisy koa any ny lamesa lehibe voalohany hotarihany amin'ny maha-Kardinaly an'i Kardinaly Desiré Tsarahazana.

***Isambilo***



CUR Vontovorona

## Nirefotra indray ny lakrymôzena

Raikitra ny sakoroka, nidonaka ny lakrymôzena omaly teny amin'ny CUR Vontovorona Antananarivo Atsimondrano. Feno Emmoreg teny an-toerana rehefa nivoaka ny sekoly polyteknika ireo mpianatra marobe nanao fitokonana. Nirarakompana ny grenady lakrymôzenina nalefan'ny herim-pamoretan'ny mpitondra. Nifamonjena ny rano fa maro ireo mpianatra no sempotra, amam-polony ny grenady natoraka tamin'ny mpianatra. Tsipahan' ireto mpianatra ireto ny fandaminana vaovao natao momba ny fanaovana ny antsoina hoe mémoire na ny fanaovana fikarohana ho famaranana ny fianarana eny amin'ny Polyteknika Vontovorona. Arak'izany fandaminana vaovao izany, mpianatra 4 ihany no azon'ny mpampianatra 1 hampiana amin'ny fanaovana izay mémoire izay. Mahatratra an-jatony anefa ireo hiatrika mémoire eny an-toerana, ka tsy ho ampy mihitsy ireo mpampianatra hanampy azy ireo amin' ny fanaovany fikarohana, ka izay no mahatonga izao hetsika izao.



*Rakotra setroka lakrymôzena ny teny amin'ny CUR Vontovorona.*

***Helisoa***

Mpivady mitovy vintana

## Tsy mety mahatsangan-javatra mihitsy

***Misy ve izany hoe tsara fidiram-bola ianao nefa tsy mety mahatsangan-javatra mihitsy, fa na ny eo am-pelatànana aza dia mihena ihany koa. Soa fa nanatona teny amin'i Madame Noelah mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo ilay rangahy ka tafavoaka ihany nony farany.***

Toy izao indray ny fandehan'ny tantara: manana orinasa ity rangahy ity ary niroborobo fatratra ny fidiram-bolany tamin'izany. Gaga anefa ny manodidina fa toa tsy mahatsangan-javatra mihitsy ity rangahy ity fa ny eo ihany no eo, ary ny teo aminy aza dia miha-fongana hatrany. Na izy mianakavy aza anefa dia gaga fa tena misy sakana, sa zavatra hafa ity satria isan'andro ve no mampidi-bola nefa tsy misy mitsangana mihitsy. Teo no nahatapa-kevitra azy roa ka tsy maintsy nanatona teny amin'i Madame Noelah 03313 090 13 sy ny 03461 328 62 mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo eto Antananarivo , ka ny ampitso ihany dia nihaona izy roa tonta..

**Mitovy andro sy vintana no antony hoy ilay mpitsabo**

Vao nihaona izy telo mianaka dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy. Tsy mifanoto vintana ianareo roa fa mitovy vintana sy mitovy andro ka tsy maintsy karakaraina aloha. Tsy ratsy akory ny vintanareo fa tsara hoy ilay mpitsabo, fa misy fanarenana izany vintanareo izany mba hifanambina tsara. Nokarakarain'ity mpitsabo ity izy mivady, ka akory ny hagagany fa andro vitsy taorian'ny fikarakarana dia niova ny rasa. Nanjary nitombo ny hareny, nahatsangan-javatra tsy nampoizina izy roa, ary tsy vitan'izany fa volana no nisaina dia nahazo orinasa any ivelany sahady izy roa. Milamina tsara ihany koa ny tokantranony ankehitriny. Nambaran'ity mpitsabo ity fa mitsabo ny aretina rehetra izy, mamaha ny olan'ny mpifankatia, manafoana ny asan-dahalo, ny sompatra sy ny mosavy samihafa, sns… ary afaka mikarakara olona te-ho tafita, hanam-bady sahaza, manome fiarovana sy fanefitra ho an'ny tokantrano, sns…ary manana "pouvoir" manokana hikarakarana ireo rehetra manana olana ara-tokantrano sy fiaraha-monina. Tsy mifidy finoana na firazanana ihany koa aho hoy izy, fa raisiko avokoa ary tsy misy fadiny ny fitsaboana fa misokatra ho an'ny rehetra eto Madagasikara.

***Ny Akama***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao taratasy manaraka izao. Miseho ny tsy fahamatorana sy ny toetra ratsy nahazatra ; ny famadihana ny tolombahoaka : mampanahy ! mampalahelo ! ary maha very hevitra ny vahoaka ny zava-misy ...

-Miverina indray ny daroka baomba mandatsadranomaso atao @ ireo mitaky ny zony (mpampianatra) raha noheverina fa tsy hisy intsony satria efa miaina fiovana ; raha noheverina ihany koa fa efa tapitra teny @ kianjan'ny 13 May ny fandefasana azy ireny (Minisitra HVM)

-Mihazakazaka manao fampielezan-kevitra kosa ny sasany ary manararaotra mafy satria afaka manao izay tiany hatao satria azy ny tanàna ; azy ny PM ; manana minisitra maro hono ! Ary ny mpitondra koa tsy hiteny eo izany satria teny ierana ... sady izany rahateo no fanovana ho azy ireo. Lotoina ny Filoha Ravalomanana ary haratsiana ny TIM. Hatreto anefa dia mbola i Dada no manana ny rariny ary ny TIM no manana ny marina satria tsy resy akory ny olomangina ary ny TOLONA dia mbola tsy vita ... Ilaina arak'izany ny mbola fijanonana eny ankianja fa mbola ilain'ny vahoaka sy ny sendika ary mbola maro ny tsy mazava, noho izany toko ny hotohanana hatrany ny tolon'ireo sendika.

***Justin Pierre Ralaimanisa***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**07/07/18 hatramin'ny 14/07/18**

- **MAHAMASINA**, tél. 020 22 545 58 / 020 22 545 59 / 034 07 545 58
- **ISORAKA**, tél. 020 22 285 04 / 020 22 694 12
- **ANDOHATAPENAKA** (route MDP), tél. 020 22 670 70 / 034 02 670 70
- **AMPANDRANA**, tél. 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA), tél. 020 22 229 86 / 034 07 229 86

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 786-07-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**VAKINANKARATRA**

# Nankalaza ny faha- 15 taona nijoroany ny ORTVA



*Ny sasantsasany amin'ireo mpitarika ny ORTVA Vakinankaratra.*

Vaninandro lehibe eto amin'ny Faritra Vakinankaratra ny fakalazana fitsingerintaonan'ny faha 15 taonan'ny ofisim-paritry ny fizahantany. Notarihan' ny tale jeneralin'ny Ministeran'ny Fizahan-tany Andriamatoa Razafitsiarofana Jean sy ny avy ao amin'ny Faritra Vakinankaratra tarihin-dRamatoa Ramahandriarivo Fanja Tale Miadidy ny Lafintany ary ny avy ao amin' ny Prefektioran'Antsirabe ny sabotsy 30 Jona lasa teo, nanolohan'ny tsangambaton'ny fahaleovan-tena Antsirabe. Raha hoan'i Vakinankaratra moa dia fantatra fa efa ho tratra ny tanjona raha ny eo amin'ny fampandrosoana ny sehatry ny fizahan-tany satria maro ny toerana mampalaza izay reharahan'ny tokoa tsy hilaza afa-tsy Ankaratra, Ibity, Tritriva. Tsy latsadanja amin'izany ny asa Tanana, Kolontsaina izay mitan-tsoroka ny fampandrosoana ao anatin'ny Distrika 07 ahitana ireo kaominina 90 indrindra ny fananany harena voajanahary anaty faritra arovana. Tsy afa mandeha irery ny fizahantany fa miaraka asa hafa mba hatratrarana ny drafimpam-pandrosoana nampetraky ny Faritra izay miainga amin'ny isan-tokatrano ka mipàka any amin'ny firenena iray manontolo mihitsy. Efa akaiky ho tratra ny tanjona ho an' ny fanatsarana ny tontolo ny fizahantany ho an'ny Faritra satria efa Distrika 07 dia efa ahitana ny « Centre Villageois » avokoa . Na dia misedra olana maro aza ny sehatry ny fizahantany dia nohamafisin'ny ramatoa miadidy ny faritra fa vonona hitondra vaha-olana sy hifanome tanana amin'ireo fikambanana maro mba hatratrarana ny tanjona, mba tsy omena mitaha amin' ny faritra hafa manodidina. Nisy ny fitokanana ny takelaka mirakitra ny tantaran'ny hotely lehibe iray eto Antsirabe tamin'io fotoana io dia ny hotel des thermes izany. Hiezaka ny ofisim-paritry ny fizahantany ny hametraka takelaka tahaka io notokanana io amin'ireo faritra manan-tantara maro aty Vakinankaratra.

***Lezama***

Andohatapenaka

# Gaboraraka sahady ny Gare Routière

Gaboraraka sahady amin'izao fotoana izao ny toeram-piantsonan'ny fiarakodia na ny Gare Routière etsy Andohatapenaka, izay nambara fa manarapenitra sy ho filamatra eto Madagasikara, sy aty amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indiana. Efa feno mpanera sahady eny an-toerana, miverina indray ny fisarihana mpandeha ataon'ireo mpanera, ny dikany dia tsy miasa intsony ireo camera de surveillance voalaza fa iadiana amin'izay mpanera izay. Tsy hita ny mpiasa eo amin'ny fandraisana olona na ny «réception» sy filan-kevitra, ireo guichet sasantsasany eny an-toerana dia tsy misy mpiasa ao anatiny, ka mandrisika sahady izany ny asan'ny mpanera ao amin'ity toby fiantsonan'ny fiarakodia ity. Ireo mpanera no mitondra ny mpandeha eny amin'ny fiarakodia ary afaka miady varotra amin'ny saran-dàlana ny mpandeha. Araka ny fitarainan'ny mpandeha, misy amin'ireo fiara zotra nasionaly koa amin'izao fotoana no manary an-dalana. Tokony hojeren'ny tompon'andraikitra akaiky izao gaboraraka sahady izao eny Andohatapenaka.

***Aly***




*Ny toby fiantsonan'ny fiarakodia etsy Andohatapenaka.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 243**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0242)


***Mitsivalana***

- Tonga – Na
- Ao – Dim(y)
- Tokana
- Ilay – Dio
- Ti – Kiaka
- Ravao – Ar
- Amy – Tava

***Mitsangana***

- Tatitra
- Mailo (Miv)
- Naka – Vy
- Goaika
- Toy (Miv)
- Dada
- Ny – Vaky (Miv)
- Amboara

## TENY MIFANAPAKA **N° 243**




**Mitsivalana**

**1.** Ilazana ny Mpanao, Atao, Iharana **2.** Foto-tenin'ny fialonana – Lavaka (Miv) **3.** Anabavin-dray **4.** Eo amin'ny vatana (Miv) – Bibikely (Miv) **5.** Kapoka – Toetra ratsy **6.** Manapaka volo **7.** Aleha **8.** Miteraka hidihidy (Miv) – Tsy azo atao **9.** Adim-pamataranandro – Vatana (Miv) **10.** Matanjaka – Mamoron-dainga

**Mitsangana**

**A.** Sahabo **B.** Maharitra (Miv) – Eny **D.** Anisan'ny asa soratra **E.**Toetra, petraka – Repoblika **F.** Atsahatra – Mitambatra **G.** Halana **H.** Iry, ila – Vola aloa vidiny (Miv) **I.** Analenelan'ny hehy – Tsy lavitra (Miv) – Vizana **J.** Kianteny – Mangaihay (Miv) **K.** Mpisolo tena – Heloka (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0242

***Mitsivalana***

1 Rehareha 2. An - Lazao 3. Zanahary 4. Alina - Sy 5. Natahotra 6. Roa (Miv) - Rava 7. (L)ainga - Om 8. Fay - Eny 9. Omby - Ditra (Miv) 10. Tiana - Ao

***Mitsangana***

A. Razanay - To (Miv) B. Alao - Amy D. Hanitra - Bà E. Anana - Nify (Miv) F. Hahena G. Ela - Gia H. Haratra - Rà I. Azy - Ro - Eto J. Savony K. Tody - Amidy

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Niara-nombombavaka tamin'ireo mpino FJKM tany Ambositra ny Filoha Marc Ravalomanana alahady teo.









Ny tolona teo amin'ny kianjan'ny 13 mai ny sabotsy teo.





Ny fitokonana teo amin'ny minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena omaly.



